## Depiote Jean François Michel
# Manohy ny fanampiana ireo sahirana ao Antsirabe 3


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Alakamisy 10 oktobra 2019 Laharana 964 Vidiny : 400 Ar
www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Haja boum TIM Ambohimangakely 2
## Olon'ny fiarahamonina sy ny fampandrosoana

Vahoakan'Ambohitrimanjaka 3
# Tadiavin-dry mamba noana halefa any Bevoay




Kandidà Rina N°02 Antananarivo 4
# Avy amin'ny vahoaka hiverina amin'ny vahoaka



FIFAMOIVOIZANA 5
## Lalana 3 no hosokafan' ny CUA hanalefahana ny fitohanana



Cité R +3 Ankatso II 6
## Mitaky ny fampidinana ny hofan-tranony ny mpianatra

Governoran'Analamanga 2
## Manao « bingo manao matso »

Paositra Malagasy 7
## Notokanana tetsy Vasakaosy ny biraon'ny Paositra faha 255

**Daka kely**
Ho Bac solde zany no fiantso ny Bac-nareo ry Boaikely a !

Kandidà Guy Rivo Antsirabe 2
## Mitsirika ny hetahetan' ny vahoaka eny ifotony



FIAINAM-PIRENENA

# Mety hipoaka tsy ho ela ny sarom-bilany

Ahiana hipoaka tsy ho ela ny sarombilany amin'ireto fitokonana maro samihafa mitranga, toy ny fitakian' ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra, na SECES, izay nanome 15 andro ny fitondrana hamaliana ny fitakiany. Eo koa ny tsy faneken'ny mponin'Ambohitrimanjaka sy ny Kaominina manodidina amin' ny fanaovan'ny fitondrandRajoelina amboletra hanotofana ny tany miaraka amin'ny tanimbary fivelomman'ny olona. Tsy hanaiky mihitsy ireo vahoaka ireo na dia hisy faty olona aza, araka ny nambaran' izy ireo hatrany. Ho avy tsy ho ela koa ny eo anivon'ny fampianarana ambaratonga faharoa na ny tontolon'ny Fanabeazana iray manontolo, amin'ireo fitakiana tsy nahitam-bahiny hatrizay. Mikorontana tanteraka ny fanaovana fanadinana isan-tsokajiny. Manangam-bovona ireo karazana Sendika isantsokajiny. Efa miomana ny eo amin'ny sehatry ny fahasalamana izay mbola manana vela amin'ny fitondram- panjakana. Ny resaka famatsian-drano moa dia ireny nivoaka angazety sy fahitalavitra ireny ny hatezeran'ny mponina eto an-drenivohitra sy ny manodidina satria ampijaliana rano ny vahoaka, ka tsy omena raha tsy amin'ny misasakalina hatramin'ny 6 ora maraina, zara raha misy mitete koa anefa izany. Ny faritra sasany eto Antananarivo, efa am-bolana maro no tsy voavatsy rano na dia indray mitete aza . Ny fiakaran'ny vidin'entana ilaina andavanandro (PPN) toy ny vary , ny menaka, siramamy , atody , lafarinina … eny hatramin'ny saribao tsy lazaina intsony . Ny hena moa dia efa tsy takatry ny ankamaroan'ny mponina intsony ary zara raha mihinana kely indray mandeha isam-bolana, rehefa mba misy lanonana toy ny famadihana, na fanambadiana dia amin'ireny no manararaotra mihinankena. Midangana izay tsy izy ny fanafody, ka raha sendra tojo tsy fahasalamana dia eny amin'ny mpivarotra nentim-paharazana sisa no aleha. Iniana tsy esorin'ny SAMVA tantanin'ny fanjakana ny fako eny amin'ny dabampako mba hilazana fa maloto Antananarivo, entina hanamarinana fa ny Kaominina an-drenivohitra no tsy manao ny asany. Kajikajy politika no ao ambadik'io. Mitarika fahasorenan'ny mponina avokoa ireo voatanisa rehetra ireo raha tsy hiteny hafa tsy ireo isika. Betsaka ny tsy manjary ataon'ny fitondrana Rajoelina amin'izao fotoana izao ary alaim-panahy ny mpanara-baovao manao hoe: atao fairano ve ny mponina Antananarivo? Ny filoha Rajoelina, hono , no mitady vahaolana koa dia tohizo ary ny lalana Andrimatoa filoha, fa ho tratran'ny vomanga nasesiky ny tananao eo ihany ianao.

***Rajaonarimpanontsana***

Haja boum kandidà TIM Ambohimangakely

# Olon'ny fiarahamonina sy ny fampandrosoana

Haja boum no kandidà ben'ny tanàna avy amin' ny Tiako i Madagasikara (TIM), ao amin'ny Kaominina Ambohimangakely distrikan' Antananarivo Avaradra-no. Razanakoto Hajasoa Pascal no tena anarany, fantatry ny mponin'Ambohimangakely amin'ny hoe : « Haja boum ». Izy no kan- didà natolotry ny antokoTiako i Madagasikara ho ben'ny tanàna ao amin'ny kaominina Ambohimangakely. Mitondra ny laharana voalohany ny lehilahy ao anatin'ny biletà tokana ary laharana faharoa kosa ireo mpanolotsaina miaraka aminy.

**Iza moa i Hajaboum ?**

Fianakaviana tsotra ary azo ambara fa niaina tao anatin'ny fahasahiranana no loharano nipoiran-dRazanakoto Hajasoa Pascal, ity farany izay Zanak'Ambohimangakely. Nihoitra hatrany teo amin'ny fiainana i Haja boum ary tsy nanao ambanin-javatra ny fianarana sy ny fivavahana. Nandalina ny lafiny fitantanana ny lehilahy ary ankehitriny izy dia mandraharahara eo amin'ny sehatry ny fizahantany. Tandra vadin-koditra amin' i Haja boum ny fitiavany manampy mandrakariva ireo mpiara-belona aminy tojo fahasahiranana. Tsy manaiky lembenana amin' ny tsy rariny sy ny tsy fahamarinana ihany koa ny lehilahy. Mandray anjara mavitrika amin'ny fampiroboroboana ny sehatry ny fampianarana sy fanabeazana eny Ambohimangakely toy ny fampitaovana ireo mpianatra sy ny anjara biriky ho amin' ny fanitarana ny efitranontsekoly, araka izany, i Hajaboum. Tsy hadinoiny ihany koa ny fitaizana ireo tanora eo anivon'ny fiangonana. Tia manao fanatanjahatena ary mankafy manokana ny baolina kitra izy. Filamatra ho an'i Haja boum ary nanosika azy hirotsaka ho kandida ben' ny tanàna ny hampandrosoan'Ambohimangakely amin'ny lafiny rehetra. Efa vonona rahateo ny drafitr'asam-pampandrosoana maty paika hanatanterahana izany sy ireo mpiara-miombon'antoka.

***Lalasoa R.***

Kandidà Guy Rivo Antsirabe

# Mitohy ny fitsirihana ny hetahetan'ny vahoaka eny ifotony

Ao anatin'ny « Pré-campagne » tanteraka amin' izao foto- ana ny kandidà laharana faha 4, natolotry ny Antoko TIM eto Antsirabe dia ny kandidà Guy Rivo Randrianarisoa izany. Taorian'ny fety fankasitrahana ny mpifidy nataon'ny solombavambahoaka Jean François Michel, sy nanolorana ny kandidà ho Ben'ny tanàna, nontotosaina tao amin'ny CDA Vatofotsy dia roso eny amin'ny fototra amin'izay ireo ekipa mafonja miaraka aminy. Tanjona ny fampahafantarana ny laharan'ny kandidà sy ny mpanolotsaina, amin'iza-ny fidinana ifotony izany fa eo ihany koa ny fihainoana ny filàn'ny vahoaka any anelakelantrano any. Iaraha-mahalala fa ny tanànan'Antsirabe dia saika mbola maro no ambanivohitra, ka mbola betsaka ny ezaka atao hampandrosoana izany, izany no itsirihina ny hetahetan'ireo vahoaka ifotony toa ireny. Ankoatra izay dia misy hatrany ny fanentanana ny olona ho tonga hifidy satria niaraha-nahalala ihany koa fa 30% monja ny taha-pahavitrihina tamin'ny fifidianana solombavambahoaka farany teo. Raha ny tanànan' Antsirabe dia azo lazaina fa ao anatin'ny fahapotehana tanteraka izany tanàna izany, raha tsy hilaza hafa tsy ny lalana isika, raha vao hiditra an' Antsirabe ka mamakivaky ny renivohitra sy mihazo ny lalam-pirenena faha 7 iny izany. Ankoatra izay ny fiparitahan'ny fako etsy sy eroa nohon'ny fandravan'ny Ben'ny tanàna amin'izao fotoana ireo toeram-panariam-pako, tsy hitan'ny olona intsony izay asiana ny fako, ka apetrapetrany eny rehetra eny. Tsara ho marihina momba ity toeram-panariana fako ity, fa niisa 85 izany tamin'ny andron'ny Ben'ny tanàna Olga Ramalason, niala teo amin' ny fitantanana ny tanànan'Antsirabe rehefa voatendry ho Minisitra izy, saingy amin'izao fotoana dia zara raha misy izany fa noravana ary nampiasaina tamin-javatra hafa ireo vato tamin'izany. Nambaran'ny kandidà Guy Rivo Randrianarisoa fa ny fiaraha-mientan'ny vahoaka rehetra sy ny fandraisan'andraikitry ny tsirairay ary ny fitantanana mangarahara no ampihariny dia afaka mampandroso an'Antsirabe indray ny Antoko TIM, toa ny tamin'ny 10 taona lasa. Ankoatra izay dia nambarany fa maika avokoa ny zavatra rehetra eto Antsirabe, ary efa maro ny filàna fototra tsy maintsy asiam-bahaolana haingana, toy ny mpamonjy voina, ny lalana, sy ny fotodrafitrasa maro izay potika sy rava tanteraka.

***Solohery***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

Governoran'Analamanga

### Manao « bingo manao matso »

Nambara fa asa fampandrosoana ny faritra no iompanan'ny asa iandreketan'ny governora, ary hovatsiana vola 1 miliara ariary avy ireo notendrena. Raha ny hita anefa, toy ny nataon'ny governoran'Analamanga omaly, dia toy ny "bingo manao matso" ihany ny zavatra ataony raha nidina teny Besarety. Efa asa sahanin'ny eo anivon'ny kaomina izany ary andraikiny ny fanadiovana ny lakandrano. Efa nanao izany ny eo anivon'ny kaomina Antananarivo renivohitra (CUA) ary nisy ny asa natao isaky ny Boriborintany, ary mbola mitohy izany asa izany amin'izao fotoana izao, fa tsy hoe tapitra ny fe-potoam-piasan'ny Ben'ny tanàna, dia nijanona ihany koa izany asa sosialy izany. Eo indrindra no mahavariana amin'ny fihetsiky ny governora. Rehefa asaina miasa ve dia tsy hahay hanavaka ny asa manandrify ny tomponandraikitra tsirairay avy ato anatin'ny faritr'Analamanga?
Sao dia tokony hijery zavatra asa goavana kokoa tena ilàna an'Ingahy Ragôva sy mifanentana amin'ny tokony ho andraikiny. Iray amin'izany, ohatra, ny fitadiavana vahaolana amin'izay hampihenana ny tsy an'asa eto Antananarivo. Olana lehibe eto amin'ny firenena io tsy fananana asa io, ary izany no maika, fa tsy ny asa efa misy manao ihany no idirana indray. Midika ho tsy fifehezana andraikitra miandry izany. Mazava loatra fa tsy nomena fanofanana amina asana governora izany ireo olona notendrena ireo. Fomba fiasan'ny filoha Ravalomanana Marc izany, fa tsy hain'ny fitondrana ankehitriny, raha tsy ohatra angaha hangala-tahaka indray koa toy ny fanaony. Ny fahitan'ny vahoaka matetika eto, toy ity nitranga ity, dia tsy mivaky loha amin'ny Tomponandraikitra eo anivon'ny fiadidiana ny Tanànan'Antananarivo renivohitra ny fitondrana Rajoelina, fa avy hatrany mandingana fotsiny izao sy manao amboletra. Efa nisy ny tranga maro samihafa nahitana izany. Fihetsika izay te-haneho amin'ny vahoaka fa miasa kanefa asan'olona no atao, fa tsy mahita sehatr'asa hafa hatao. Be anefa ny sehatr'asa fampandrosoana tokony hotanterahina eto amin'ity renivohitr'i Madagasikara ity sy ny tanàna manodidina azy. Nahoana no tsy any no mihazakazaka sa tsy manana traikefa amin'izany? Dia mbola mitohy ihany ilay kajikajy politika maloto, izay efa nahitana sy nitondra voka-dratsy sy mbola hitondra ho an'ny vahoaka sy ny firenena.

***Sôh'son***

Fiainam-pirenena

# Miseho lohany hatrany Rajoelina

Tamin'ny fifidianana filohampirenena fihodinana faharoa farany teo, dia namoaka ny fanapahany ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC), fa Andry Rajoelina no voafidy ho filohampirenena izay midika hoe izy no olona voalohany eto amin'ny firenena. Tsy tamin'ny fifidianana ihany fa maro ireo tranga nampisehoan'i Andry Rajoelina ny mahavoalohany azy. Tamin'ny taona 2009 dia ireny niaraha-nahita ireny ny naha lohany azy tamin'ny fanonganampanjakana, natomboka tamin'ny fandorana sy fandrobana tanàna ny 26 Janoary , nitohy tamin'ny fanaovana sorona vahoaka nentina nanani-dapa ny 7 Febroary , ary tonga hatramin'ny fidirana ankeriny tao amin'ny Lapan'i Mahazoarivo sy Ambohitsorohitra, ny fikasana hiakatra teny lavoloha niafara tamin'ny faharavan' ny fitondrana ara-dalàna. Fa mbola maha-voalohany an'Ingahy Filoha ny lainga sy famitahambahoaka, nanomboka teny amin'ny Kianjan'ny 13 mey tamin'ny 2009 , nandritran'ny fitondrana tetezamita, tamin'ny fampielezankevitra ary farany teo dia ireny niara-nahita ireny ny « valandresaka »: fandaharana manokana nifanaovany tamin' ny mpanao gazetiny ireny, mampmeh araka ny fitenin'ny tanora azy ankehitriny. Isika rehetra samy nahatsiaro fa tamin'ny 2009 dia nambara ho rentany ho rendanitra ny fitokanana ny " kianjan'ny demokrasia " tao Ambohijatovo, kinanjo vao azo ilay fahefana nalaina taminkery dia lasa kianja voarara Ambohijatovo , nitabataba tamin'ireny fotoana ireny ry Rajoelina sy ireo mpanao gazetiny nitsikera ny fitondrana notarihan'ny Filoha Marc Ravalomanana. Fa ny nahatsikaiky tamin'ny alahady teo nandritran'ny fifampiresahan'Ingahy Filoha tao amin'ny RNM sy TVM dia niverimberina matetika teo ambavany ny hoe tsy manao hafa tsy mitsikera hono ny hafa, hadinony fa izy sy ny olony no voalohany tamin' ny fitsikerana fony vao nandroba fahefana. Ny vahoaka malagasy tsy adala akory ary efa mahalala, fa mbola hiseho hatrany ny maha-voalohany hatrany an'Ingahy filoha Rajoelina amin'ny filazana habobo sy fanadiovantena ary ho mafimafy mihitsy izany amin'izao fiatrehana fifidianana ben' ny tanàna izao.

***Ny Valosoa***

Ny Valosoa sy hadihady

# Tanà-Masoandro: mety hanohitra ny olona hafindra any koa ny mponin'i Bevoay

Maizina tanteraka ny voarakitry ny IEM noketrehan'ny filohan'ny Repoblika IV, Rajoelina Andry Nirina, satria nofintinina ao anatin'ilay "velirano13" indray angamba, zary lasa vonjy tavanandro fotsiny sisa, ka isaky ny misy fanoherana mivaivay ny tetikasa dia mikorontana tsy misy lohany sy vodiny intsony.

Tsy misy afaka mandà kosa anefa fa mahay mampandry adrisa Rajoelina Andry Nirina, ka sodokan'ny firentirentin'ny fampanantenana ny valala tsy mandady harona. Raha mijoro tokoa ny trano mijoalajoala sy ny làlambe midadasika dia ho finaritra ny maso hijery izany. Rehefa miditra banky iray eto an-drenivohitra, ho an'izay manana kaonty ao dia ho variana mahita ny sarin'Antananarivo amin'ny volana mey 2025, izany hoe afaka dimy taona mahery kely eo. Asa aloha raha tafiditra ao amin'ilay IEM, na ilay vina13 ilay sary mipetaka ao amin'ity banky ity. Raha ho tanteraka tokoa ny voarakitr'izany sary izany dia mampanontany tena hoe aiza daholo izany no hafindra ireo mponina ao amin'io faritra io, Isoraka sy Ambatonilita raha araka ny fahitàna azy. Ny tetikasa Tanà-Masoandro kosa aloha raha eny Soamandrakizay no hanorenana ireo trano goavana sy làlana migodàna dia tsy ho hitan'ny vahiny avy any ivelany tonga eto, fa raha eny amin'ny lemak'i Betsimitatatra kosa dia hahazo doka ny mpitondra satria ho taratry ny fandrosoana tokoa, angamba izany. Araka ny fanambaran'ny filohan'ny Repoblika ihany dia hafindra any Bevoay, hono, ny mponina eny amin'ny faritr'Ambohitrimanjaka iny ary homena tambiny ireo tompon'ny tanimbary ho totofana sy ny tanimbolin'ny tany fambolena haravona. Vitsy ny olompirenena no mahafantatra ny misy izany Bevoay izany. Any amin'ny faritra avaratry ny Faritanin'i Toliara no misy an'ity tanàna ity. Navaozina ny tohodrano sy ny lakan-drano manondraka ireo tanimbary ao. Midadasika tokoa ny toerana ary anisan'ny faritra mamokatra vary betsaka tokoa. Tsy fantatra aloha hatreto na ho sodokan'ny mena miraviravy ireo tantsaha eny Ambohitrimanjaka sy ny manodidina, fa raha ny fahitana azy dia tsy nodinihana lalina ny tontolon'ny manodidina izany famindran-toerana izany. Misisika mafy dia mafy ary tsy miraharaha izay fanoherana ataon'ny mponina Rajoelina Andry Nirina satria dia efa nandefa mpitandro ny filaminana teny Ambohitrimanjaka ny faran'ny herinandro teo nanapempo sy nampitahotra ireo mpanohitra ny tetikasa. Azo antoka fa tsy hanaiky ny hifindran'ireo tantsaha avy eny Ambohitrimanjaka velively ny mponina any Bevoay satria ho zaraina amin'ny mpiavy indray izany ny tany famboleny. Asa anefa raha homena tambiny koa izy ireo kanefa tsy hahatsentsina izay voka-dratsy haterak'izany izay mety ho azony. Azo antoka koa fa tsy mbola nisy fanentanana na fanadihadiana ara-tsosialy sy toekarena (enquête socio-économique) tany an-toerana hahazoana manombana na azo tanterahina ny famindràna na tsia, fa dia nalefa fa ho any fa ho any aloha ny resaka dia ho hita eo indray. Ahoana ny trano hivantanan'ireo hafindra monina sa efa nanorina trano, ao anatin'ireo an'hetsiny hatsangana, ho azy ireo ny mpitondra. Efa ao anatin'ny "velirano" angaha ny ho fandaniana momba ny fitaterana ireto hafindra monina ireto, sa dia izay tambiny homena azy ireo no hangalàna izany? Ahoana ihany koa ny momba ny fianaran'ireo ankizy zanaky ny tantsaha eny Ambohitrimanjaka ireo, sa rehefa tonga any izy ireo dia araka ilay fitenenana hoe: "rehefa any mahita izy". Araka izany dia tsy miraharaha izay sosialim-bahoaka mihitsy izao fitondrana izao, fa jamban'ny voninahitry ny tenany sy izay ampahany hiditra any am-paosiny satria na tiana na tsy tiana dia "bizina" no azo hamaritana izao tery vay manta ataon'ny fitondrana Rajoelina Andry Nirina izao. Hahazo vahana sy homena tany hanorenany trano indray ny vahiny, fa hasaina hifandramatra hiady tanimbary kosa ny samy Malagasy. Hibaliaka ny "masoandro" ho an'ny mpitondra fa ho "maizinkitroka" ny ho avin'izay hafindra monina any amin'ny tany tsy fantatra. Santatra ambava-rano ihany izao fa ny manetsabe mbola ho avy, ka rehefa finaritra ny maso dia ho voky ho azy ny kibo.

***Andry Tsiavalona***

VAHOAKAN'AMBOHITRIMANJAKA

## Tadiavin-dry mamba noana halefa any Bevoay

Nidradradra ny kandida N°13 tamin'ny fampielezan-kevitra fa tsy haka ny taninareo aho na iray dia aza rehefa tonga eo amin'ny fitondràna. Tonga eo amin'ny fitondràna izy izao, vao andro vitsy no nitantanana ny firenena ny filoha Andry Rajoelina dia nivoaka tao amin'ny filankevitry ny minisitra ny fanapahan-kevitra fa toerana maromaro Analamanga, Antsiranana, Fianarantsoa sns…. no hoe alaina ny tany hanaovana fotodrafitr'asa ilain'ny vahoaka . Mbola tsy nisy tohiny moa io hatramin'izao, io tetik'asa io dia mba tonitony kely ireo vahoaka. Sivy volana nitondràna ny firenena ny filoha napetraky ny HCC sy ny CENI Andry Rajoelina ankehitriny. Mitaintaina ny mponina eny Ambotrimanjaka fa ho alain'ny fanjakàna hanaovany ny veliranony ny tanimbary mirefy 1000 ha, efa nohjarian'ny mponina sy ny razany efa antaonany maro. Nanao fihetsiketsehana ny mponina teny an-toerana fa misakana amin'ny heriny rehetra ny hangalàna ny tanindrazanan'izy ireo. Tsy avelanay ho totofana hoy izy ireo ny tany navelan'ny razanay . Tsy miraharaha izany anefa ny fitondràna TGV fa hanao amboletra hatrany haka ny tany eny Ambotrimanjaka. Mbola tsy maina akory ve Andriamatoa filoha ny ravina nihinanana dia efa mivadika amin'ny VELIRANO natao sahady hoe tsy haka ny taninareo na iray dia aza ? sa atakalo vola ny vahoaka nifidy anao? Ny tany ao Ambotrimanjaka izay tanimbary manana ny tantarany sy ny lazany eto Madagasikara. Ireo olona nihary teo hatramin'izay heverina hafindra any amin'izany Bevoay toerana lavitra be any. Any Bevoay no tokony hanaovan'ny fitondrana Rajoelina izany building izany sy ny veliranony dia amin'izay mba mitovy koa ny faritra rehetra amin'ny fahazoana foto-drafitrasa trano lehibe toy izany, raha ho vita! Volabe no hihodina ary ho azon'ny fitondrana sy ny forongony raha ho to izany tetikasa Tanamasoandro izany, izay no maha mamba noana an'izy ireo dia ny vahoaka no atao tsinontsinona.

***Helisoa***

Fikambanana MAFAMI

## Tsy manaiky ny mpianatra hanohana ny hetsiky ny Seces

Manahy sahady ny mpianatra mivondrona ao amin'ny fikambanana MAFAMI (Mpianatra Ambaratonga ambony avy amin'ny Faritany Antananarivo Miray) fa iharan'ny teritery ataon'ny Seces sampana Antananarivo, hanatevin-daharana ny hetsika ataon'ireto farany ny mpianatra, izay miseho amin'ny alalan'ny fampiatoana ny fampianarana eny amin'ny Oniversite Antananarivo. Nilaza Andriamatoa Rakotonirina Maurice mpitondran-tenin'ny Mafami, fa ny mpianatra ihany no hitondra faisana nohon'ny fampitsaharana ny fampianarana izay hataon'ny Seces Sampana Antananarivo. Nanohy nanazava ity mpitondra tenin'ny Mafami ity fa hampiantso fivoriana ireto farany handresy lahatra an'ireo fikambanan'ny mpianatra misehatra eny anivon'ny Oniversite mba hiray hina sy hiray feo manoloana ny teritery an-kolaka izay ataon'ny Seces Antananarivo. Nanamafy Andriamatoa Rakotonirina Maurice, fa tsy tokony hatao fitaovana entina hanatevindaharana ny ny hetsika fitakiana ataon'ny Seces Antananarivo ny mpianatra. Nanohy nanazava izy fa tokony handinika tsara amin'ny fanapahan -kevitra raisiny manoloana ny zava-misy ny fikambanan'ny mpianatra eny anivon'ny Oniversite Antananarivo.

***Franck Razakambelo***

Depiote Jean François Michel

## Manohy ny fanampiana ireo sahirana ao Antsirabe

Tato anatin'ny 20 taona, na dia tsy mbola solombavambahoaka aza dia efa nilona tanteraka tao anatin'ny fanaovana asa soa ny Solombavambahoaka Jean François Michel Ambalavato eto Antsirabe. Isan'ny asa fanaony ny manohana ireo olona sahirana amin'ny fampidirana an-tsekoly ny zanany sy ny fampitaovana izany. Ny faran'ny herinandro ary dia ankizy sy tanora nanodidina ny 1500 teo ho eo no nisitraka indray ny fanampiana avy tamin'ny depiote Michel Ambalavato. Tao ireo notolorana fitaovam-pianarana na « Kit Scolaire », ary nisy no niantohana manontolo ny saram-pisoratana anaran'izy ireo any amin'ny sekoly iavian'izy ireo tsirairay avy. Ampitiavana tanteraka no nanaovan'izy mivady izany hatramin'izay, ary izao mbola tohizany izao izany. Nahafaly ireo ray aman-dreny tanteraka izao fihetsika izao satria efa misy tamin'ireo olona ireo no saika namoifo fa tsy ho tafiditra hianatra ny zanany raha tsy voaloa io saram-pisoratana anarana io, ka naneho fisaorana sy nitso-drano azy mivady mihitsy ireo olona sahirana ireo. Ity saram-pisoratana anarana ity no tena olana amin'ny sasany satria efa antomotra ny fidiran'ny mpianatra ary maro ny sekoly no tsy azo angatahan'andro, ka rehefa dila ny fe-potoana dia tsy afa-mianatra intsony ny kolonga. Saika avy amin'ireo fokontany 60 mandrafitra ny kaominina no nifantenana ireto olona sahirana ireto, izay tsy misy idiran'ny loko politika tanteraka, fa fanasoavana ny vahoaka iadidiany izany. Ankoatra izao fizarana fitaovampianarana izao dia saika tsy tapak'olona mitaraina amin'ny lafiny ara-tsosialy ny tokontanin'ity solombavambahoaka ity satria eo ny fanampiana amina fitsaboana any amin'ny hopitaly, eo ihany koa ny fanampiana maro samihafa amina fahoriana mitranga tampoka ireny. Isan'ny mbola nifidianan'ny vahoaka azy izay asa sosialy fanaony izay, ka mbola nahavoafidy azy amin' izao fotoam-piasana faharoa ataony izao, amin'ny maha solombavambahoaka azy avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) izao.

***Lezama***



*Ny hetsika ara-tsosialy nataon'ny depiote Michel Ambalavato.*

TONONKALO

## HO ANAO RY OLONA INY ...

Rehefa injay nahazo seza sy toera-metimety,
Dia anaovana antsojay ny namana mpanao gazety ?
Nefa ianao ilay mpanaratsy sady tena mpanabanty,
Kanjo fe ankehitriny , hay ianao tsy mahatanty ?

Izany ve no mba mpiantsehatra ao anaty serasera,
Nefa dia tsy mahazaka irony kiana sy tsikera ?
Ontsa anao ry olona iny ireto namana , sakaiza,
Noho ny toetran-tanalahy `zay tsy hitondra anao mankaiza !

Izany olon-tserasera atao hoe "mendrika ny anarany",
Dia tsy mpiovaova zotra , fa mahitsy hatramin`ny farany.
Tsy mba ny olona tsy marina ka raha vao mahazo felaka,
Dia ho mpila ranondranony sy manjary mpisolelaka
.

Ka ho anao ry olona iny , mbola misy ny fotoana
Hahafahanao miova tsy ho "olonolom-poana".
Miverena , miverena , lalan-tsara no tohizo,
F`aza ny mpanao gazety no ampidirina amin`ny kizo.

***DADAN`i RIANA (oktobra 2019)***

KANDIDÀ RINA N°02 ANTANANARIVO

## Avy amin'ny vahoaka ary hiverina amin'ny vahoaka

Olona toy ny inona indray no hitantanana ny tanànan' Antananarivo Renivohitra? Io no fanontaniana mipetraka ao an-tsain'ny maro mialoha ny hiatrehana ny fifidianana ho Ben'ny tanàna. Dimy hatreto no voalaza fa hifaninana eo amin'io toerana io ary roa ihany aloha no hita fa misongadina mampahafantatra ny tenany fa hirotsaka ho ben'ny tanàna. Ao ny mbola miandry fotoana vao mba hiseho mivantana amin'ny mponina , ao kosa ny efa mirotsaka sahady eny an'von'ny boriboritany ka na tsy milaza fa hoe "fidio aho" sisa no tsy atao, satria mbola tsy fotoanan'ny fampielezan-kevitra izao . Misy ny mampanantena sahady fa hampandroso ny tanànan'Antananarivo , miaraka amin'ny toky sy fitaka maimbo rehetra izao, miampy fantsy madinidinika hanaratsiana ankolaka ny mpifanandrina aminy sy ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana. Mahafantatra tsara ny vahoakan'Antananarivo fa olona mahalala tsara ity Renivohitra ity, manana traikefa momba ny raharaham-pitantanana ny tanàna, tsy vao mianadraharaha amin'izany sehatra izany, sady niainga avy ao amin'ny vahoaka no mendrika hanarina an'Antananarivo Renivohitra. Rina dia kandidà niainga tamin'ny vahoaka ary hiverina amin'ny vahoaka. Manana kandida tanora ary efa vita sedra ho amin'izany ny antoko TIM amin'ny alalan'i Rina Randriamasinoro . Ankoatra ny fahaizana sy traikefa efa ananany dia mbola nandrato fahalalàna any Eoropa sy Etazonia ny tenany ankehitriny. Midika izany fa feno fahavonona tanteraka hitondra ny anjara birikiny ny lehilahy. Niainga avy amin'ny vahoaka ny kandidan'ny TIM fa tsy mba niaina tao anatin'ny harena be mihoatra ny hafa izay tsy nahalala fahantrana nandritra ny fiainany , tsy mba nifampikasoka tamin'ny vahoaka raha tsy izao fitondrana sadasada izao , fa tao anatin'ny antsoina hoe fianakavian'ny mpanefoefo eto an-drenivohitra. Ny kandidan'ny TIM tsy mba nanao asana mpandraharaha tsy mitady hafa tsy ny tombontsoan'ny tenany sy ny fianakaviana ary ny orin'asany. Na dia tanora ero-trerony aza Rina Randriamasinoro N°02 , dia ny nanasoa ny tanànan'Antananarivo no nimatimatesany voalohany, nitondrany ny fahaizana noratoviny. Tsy mba notoloram-potsiny na nanao ilay antsoina hoe :"Ratsy tarehy mangata-bady ka ny anaran-dray no enti-mangataka".

***Rajaonarimpanontsana***

Tetikasa Tanamasoandro

## Tamponketsa ahetry hoy Gaby Vakiniadiana

Taorian'ireo fanehoan-kevitra samihafa nataon'ny Rmdm (Rodoben'ny mpanohitra eto Madagasikara ) ny herinandro lasa teo, dia maro ireo naneho hevitra momba ny fananganana ny tetikasa Tanamasoandro, kasain'ny fitondram-panjakana hotanterahina eny Ambohitrimanjaka ankehitriny. Ny loholona teo aloha Joseph Yoland dia nilaza fa tokony hampitomboina aza ny velaran-tany azo volena fa tsy totofana hanangana tanàna indray. Ho an'I Gaby Vakiniadiana dia nilaza ihany koa fa tokony ho ny tendrombohitr'i Tamponketsa no ahetry raha hanangana tetik'asa fa tsy ny tanimbarin'olona no totofana. I Mompera Pedro nahavita nanangana teny Andralanitra hoy izy, ka maninona ny fanjakana no tsy mahavita manetry tendrombohitra. An'hetsiny ny olona very fihinanana raha ny nambarany satria foto-pivelomam'ny olona ny resaka fambolem-bary nefa dia totofana fotsiny izao. Ny teo anivon' ny fitondram-panjakana dia nilaza fa mbola azo atao tsara ny mifampiresaka alohan'ny fanombohan'ny asa eny an-toerana . Ireto mponina ireto dia mandà hatramin' ny farany an'izany tetik'asa Tanamasoandro eny Ambohitrimanjaka izany. Ho hita eo ihany ny tohin'ity raharaha ity.

***Rajo***


REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana -Tanindrazana -Fandrosoana
*****************

COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO
--------
SECRETARIAT GENERAL
--------
DIRECTION DE L'URBANISME ET DEVELOPPEMENT
---------
N°1582-CUA/SG/DUD.19

**AVIS D'APPEL A MANIFESTATION D'INTERÊTS**

**RELATIF AU PROJET DE CONSTRUCTION DE DEUX BÂTIMENTS A ETAGE POUR CAFETERIA ET POUR BUREAU DANS L'ENCEINTE DU IVe ARRONDISSEMENT DE LA COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO, ET DE LA GESTION ET EXPLOITATION DUDIT CAFETERIA**

**Suivant délibération N°016-CUA/CM/Délib.19 du 08/08/2019 portant autorisation de mise en œuvre projet de construction d'un bâtiment R+1 pour cafétéria et d'un bâtiment R+1 pour usage de bureau sis dans l'enceinte du 4ème arrondissement**

La Commune Urbaine d'Antananarivo, depuis de nombreuses années, s'efforce de maintenir la réputation de la capitale en tant que « Cités des milles » et « ville attractive ». Elle ne ménage pas ses efforts pour atteindre ses objectifs et encourage d'avantage sa population à contribuer au développement de la cité. Antananarivo, la Capitale de Madagascar souhaite construire de nouvelles infrastructures modernes et suffisantes pour répondre aux besoins quotidiens de ses habitants. Pour se faire, un appel à partenariat aux professionnels de commerce et de construction est nécessaire pour la réalisation, gestion et exploitation de Cafétéria, en même temps, de la construction d'un bâtiment à étage servant de bureau du IVe Arrondissement de la Capitale.

Ce projet coïncide avec la vision de la CUA à améliorer l'accueil de la population à travers les arrondissements, et à offrir à ses employés un cadre convivial dans l'exercice de leurs fonctions.

Les termes de référence du document de consultation du projet peuvent être consultés gratuitement à l'adresse ci-dessous. Les candidats doivent fournir les informations justifiants qu'ils sont en mesure de réaliser le projet relevant de ses domaines d'activités, à savoir :

- Une lettre de manifestation d'intérêt ;
- Une lettre de d'engagement à réaliser à ses propres frais tous les travaux décrits ;
- Les papiers administratifs et professionnels de l'année en exercice ;
- Une fiche technique de la firme décrivant la capacité de réaliser et de gérer les prestations demandées, avec pièces justificatives ;
- Tous les documents exigés dans les termes de référence.

Les dossiers de manifestation d'intérêt doivent être déposés à l'adresse ci-dessous au plus tard le 07 novembre 2019 à 16 heures locales et portant la mention « MANIFESTATION D'INTERÊT POUR LE PROJET DE CONSTRUCTION DE DEUX BATIMENTS A ETAGE SERVANT DE CAFETERIA ET DE BUREAU AU SEIN DU IVe ARRONDISSEMENT DE LA COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO ».

Adresse : Commune Urbaine d'Antananarivo
SECRETARIAT DUD PORTE 36
1er ETAGE Hotel de Ville Analakely

Fait à Antananarivo le 08 OCT 2019


DISTRIKAN' ANKAZOBE

## Tsy mbola voafehy ny doro tanety

Manomboka miseho indray ny doro tanety any amin'iny faritr'Ankazobe iny ankehitriny . Jerem-potsiny ohatry ny tany nahalavoana ihany koa ny afo satria tsy misy mandray andraikitra mamono afo ny mponina amin'ny ankapobeny, fa tsy toy ny teo aloha intsony. Isan-taona dia manjaka hatrany izay resaka doro tanety izay ary tsy mbola misy vahaolana hatreto. Ankazobe rahateo dia anisan 'ireo kamo mamboly hazo. Ny fitondram-panjakana anefa milaza fa atao laharam-pahamehana ny haha-maitso an'i Madagasikara ary vinan'ny fitondram-panjakana ny hamboly hazo folo isan'olona isan-taona eto Madagasikara . Sarotra ny hanatratra io vina io raha mbola izao no mitohy. Ny any amin'ny faritr'i Boeny aza dia mahatratra 20 hektara isan-taona ihany koa ny ala may, ka aiza no hifehezana ny afo amin'izany . Tsy vitan'ny doro ala ihany, fa sady misy mangalatra ihany koa ny hazo maniry, ka hanairan'ny mponina any an-toerana ny fitondram-panjakana mba handray andraikitra.

***Rajo***

### Sakafo Ny Valosoa



**Ron'anamamy sy hen' omby** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Akora ilaina: hen'omby matavy, anamamy, menaka, tongolo be, sakamalao, sira ary angivy. Tsy tsara kosa ity laoka ity ho an'ny manana tosidrà avo. Dia mazotoa homana tompoko.

### NY VALOSOA sy Mahasoa

## Fanasitranana ny siniozita amin'ny fomba natoraly

Fanasitranana ny sinusite amin'ny fomba natoraly indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny sinusite dia misy mivonto ny lalan'ny orona sy ny taovam-pisefoana, izany dia miteraka ny fiangonan'ny "glaire nasale" manakana ny fandalovan'ny rivotra ary mamorona andiany zavatra maromaro manelingelina toy ny aretin'andoha, fanaintainan'ny maso, fahatsapana hafahafa ao amin'ny orona, fikorianan'ny orona. Zavatra ilaina: kininina (Eucalyptus) iray Tanana, sakamalao (Gingembre) iray lehibe, voasary makirana (citron) 3 sotro kely, ranontantely (Miel pure) 3 sotro kely, rano 3 ka hatramin'ny 4 l. Fikarakarana azy: ampangotrahana ny ravin-kininina sy ny sakamalao mandritra ny 20 minitra. Fampiharana azy: esorina teo ambony fatana rehefa mpangotraka tsara, sarony lamba ny loha atao tandrify ny vilany, sokafana ny saron'ny vilany ary mievoka izany mandritra ny 10 minitra. Rehefa mangatsiaka dia maka ranon'izany iray vera ary ampiana tantely 3 sotro kely, ary ampiana citron 3 sotro kely ary sotroina avy hatrany. Faharetany: manao izany indray mandeha isan'andro mandritra ny herinandro.







### NY VALOSOA sy Mahaliana

## Ny tanànan'Antsahampano any Antsiranana II, faritra Diana

Ny tanànan'Antsahampano any Antsiranana faha-2, faritra Diana indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity, iva toerana izy satria 28 m eo ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Saika tantsaha avokoa ny mponina ao, vokatra any ny katsaka, ny voanjo ary ny vary. Antakarana ny mponina any, na izany aza ahitana ireo foko rehetra avy eto amin'ny Nosy any an-toerana. Anisan'ny mampalaza an'Antsahampano ny fisian'ny famokarana sira ao amin'ity tanàna ity.



## NY TENY FIAINANA

*Romana 8 : 8*
*Ary izay ao amin'ny nofo dia tsy mahay manao ny sitrapon'Andriamanitra.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Hafindran'ny fitondrana Rajoelina any Bevoay hono ny mponin'Ambohitrimanjaka




**Arp Helisoa :** hafindran'ny fitondrana Rajoelina any Bevoay hono ny mponina Ambohitrimanja. Aiza ry Namana izany BEVOAY izany ? sao dia any amin'ny mamba noana ary izany?

**Mamy Rasolo :** ity ts mba eritreretin'i zareo. I Tulear nge maitany ts mba ahitana orana nef le tantsaha alefa any hamboly fa ny tany karakaina. Ts manambany an'ireo tantsaha ary ve zany?? Aleo tonga de ahongana fa tssssss. Efa tsy izy tsouny io. Mila mitsangana tsika ry gasy a. Atambaro ny hery de atao am fanaovana anazy.

**Marie Brice :** tsy any Andavamaba aloha eh ihihi , mody hoe ho any an-dafy ilay rangahy hijery fampandrosoana an'i Madagasikara, nefa fivori- an'ny ray aman-drenin'ny mpianatra any dia tsy maintsy présent dadah krkrkrkrk!

**Rasolo Cla :** nahita faisana ndray ny volambahoaka.

**Noro Ramanoarison Rafidison :** koa maninona raha any no ataony tanamasoandriny!

**Fanahimanana Tiaray :** maromaro ihany ny anaran-tany Bevoay eto amintsika!

**Arp Helisoa :** ka izay mihintsy , no tsy fantatra , aiza? faritanin'iza? distrika sns...

**Babaroa Henri :** mandehana any raha tsy te-ho.... lanin'ny voay e!

**Rolland Andriamahenina :** ngah moa tsy misy hoe Mamamba koa, ka sao ary mba ny fiantsoana azy fotsiny no miova ry Arp Helisoa.

**Jean Desire Rakotonjanahary :** Rolland Andriamahenina, inona no azo totorana eo?

**Naina Rahaingomanana :** Bevoay: any akaikin'ny lemak'i Samangoky, avy eo @ RN9 misampana mankany Manja; efa t@ andron-dRatsiraka ny fanajariana an'izany (nianarana tany am-pianarana) dia io indray fa japiana. Ho faty any antany karakaina any ny tantsahan'Ambohitrimanjaka raha hanaiky izany izy ireo.

**Jocelyn Rasolofo :** misy filazana izay manao hoe mitsokirika f..... Mboay, izany hoe mangarombiby andavaka. Toa mangarom-biby andavaka amin'ny vahoaka tompom-pahefana mihitsy izao fitondrana Rajoelina izao, ka hahita amin'ny vahoaka a! mpanongana tsy maintsy ho voaongana.

**Naina Rahaingomanana :** ilay tantsaha no mampalahelo. Handao tanindrazana najariana amam-piry taonany!!!

**Martial Tovonirina :** eo akaikin'i Mambanoana mihitsy no misy azy e !

**Geipy Raf :** avadiho impito aloha ny lelamboay vao miteny.

Ary maninona raha afindra any ny lapa?

**Njiva Sylvia Claudia :** mi-foutre mihitsy a. Faritra Atsimo Andrefana izany. Ka efa nanaiky kosa hono ny vahoaka eny Ambohitrimanjaka satria niresaka taminy ireto farany hono...

**Arp Helisoa :** tsy marina izany manaiky izany, miady ary hiady hatramin'ny farany izy ireo.

**Njiva Sylvia Claudia :** tsy atao mahagaga.

**Jocelyn Rasolofo** Hafatra ho an'ireo AMBOHITRIMANJAKA iharan'ny fanararaotampahefana: Manaova lamosimboay fa aza mety ambakaina izany, mijoroa hatramin'ny farany, misy volabe ho an'ny mpitondra sy ny forongony io Tanamasoandro io, izay no mahamamba noana an'izy ireo dia ny vahoaka teo hatramin'izay no tadiaviny hailika fotsiny izao.

**Za Gasy Kristianina:** maninona raha atao any akaikin'ny tanànan'i Chef de Projet (DG AT taloha) fa any MALALAKA BE ?

**Princie Ramanantsoavina :** Hahaha... any am 165 km miala an Toliara... Kkkk, tena tsy rariny!

**Francis N'Amby Rakotondravelo :** eny Andavamamba, mpanjaka toa mpanjaka ny mpilalao antsy aaaaaa. Bevoay dia tsy hitako fa noheveriko fa eny Andavamamba ihany ka. Hi3!!!

**Solohery Max Razafindramila :** tena manao tsiontsinona vahoaka ary mihantsy vahoaka mihitsy ilay fitondrana Rajoelina, atakalo Filatex be vola ny vahoaka tompom-pahefana, misy farany raha jiaby.

**Donato Ranjakamalala :** any avaratr'i Tulear Bevoay... Be malaso eeee... Kkkkkk! Ho verezin'ny fitondrana Rajoelina any zany ny mponin'Ambohitrimanjaka.

**Marius Zanadahy:** very any iny e! very any iny e! hoy ilay hira izay, izy ko halefa any population Ambohitrimanjaka reo.

**Ginah Rateloson:** tena tsy miraharaha vahoaka sy ny tarainany mihitsy ny fitondrana Rajoelina fa manao amboletra fotsiny.

FIFAMOIVOIZANA

## Lalana 3 no hosokafan'ny CUA ho fanalefahana ny fitohanana

Ho fanalefahana ny fitohanan'ny fifamoivoizana eto afovoan-tanànan'Antananarivo. Hisy ny fepetra ho raisin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) : lalana 3 no hosokafana manomboka ny talata izao dia eo amin'ny tsangambato Sida Pavillon - Lalana Andrianampoinimerina ka hatreny Soarano; Soarano Behoririka ary Petite Vitesse-Isotry ka hatrany Ambodin'Isotry, hoy ny sekretera jeneralin'ny kaominina Landy Raveloson. Noho ny fanamboaran-dalana amin'ny arabe maro eto an-drenivohitra amin'izao fotoana ary efa hiditra aty afovoan-tanàna izany, izay mampikaikaika ny maro tokoa ny fitohanana aterany. Raha ny fahafantarana azy hatramin'izay dia anisan'ny antony mampitohana ny fifamoivozana ny fahamaroan'ny fiara mifamezivezy eto an-drenivohitra, ny fisian'ireo asa fanamboaran-dalana izay mametra ireo ampahan-dalana azo diavin'ny fiarakodia ary ny fampiasan'ny olona sasany tsy ara-da-


*Ny sekretera jeneralin'ny CUA, Landy Raveloson.*

làna ny arabe, satria ny arabe dia tokony ho an'ny fiara, ny sisin-dalana ho an'ny mpandeha an-tongotra ary ny tsena ho an' ny mpivarotra. Anisan'ny faritra tsy tapaka fitohanana hatramin'izay, toy ny eny Ampasika mihazo an' Itaosy, ny eny amin'ny sampanan-dalana Antanimena, Ankorondrano, Ankadifotsy ary Ankorondrano. Ho famahana amin'ny ampahany ny fitohanan'ny fifamoivozana lavareny eto an-drenivohitra dia hiroso amin'ny fanalalahana ny arabe ny tompon'andraikitra eo anivon'ny kaominina Antananarivo renivohitra manomboka ny talata ho avy izao. Hanombohana izany ny ampahan-dàlana miala eo Soarano ka hatreny Behoririka, ny manoloana ny garan'i Soarano mandalo an'i « Petite Vitesse », ka hatreny Ambodinisotry ary ny lalana Andrianampoinimerina manomboka eny Andohanalakely ka hatreny Ambodifilaho ary manoloana ny EPP Rabearivelo. Ho fanatanterahana izany dia hijanona maharitra eny amin' ireo toerana voalaza ireo ny mpandamina ny fifamoivozana eo anivon'ny CUA, dia ireo Polisy monisipaly sy ny « agents d'assainissement », izay fantatry ny maro amin'ny fandaminana ny tsena. Izao fanapahankevitra izao no ho raisina dia ho fanamaivanana ny fitohanan'ny fifamoivozana izay mampitaraina ny maro sy hamerenana ny lamina ara-dalàna amin'ny fandrindrana ny tanàna. Mandra-pahatongan'ny talata io, efa manao fanentanana ireo rehetra voakasik'izao fepetra ho raisina izao ireo mpiasan'ny CUA misahana izany.

***Isambilo***

Boriboritany faha-5 (CUA)

## Nanadio ny toby fiantsonan'ny fiarakodia eny Ampasampito ho fitsinjovana ny mpandeha

Nisy ny fanadiovana ny fiantsonan'ny zotra nasionaly sy rezionaly eny Ampasampito Boriboritany faha-5, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), izay nataon'ny sampana teknika sy ny mpanadio tanàna ao anivon'ity Boriboritany ity. Natao tamin'izany ny famafàna ny sisin'ny arabe sy ny fiantsonan'ny fiarakodia, ny fanapahana bozaka ny maraina, ary ny tolakandro dia ny fanadiovan'ny pompier tamin'ny alalan' ny rano, ary nofaranana tamin'ny famendrahana fanafody famonoana bibikely sy otrikaretina. Ny tanjona dia ny fitandroana lalandava ny fahadiovan' ny toerana sy fitandroana ihany koa ny fahasalaman'ireo mpandeha.


*Ny fanadiovana nataon'ny CUA teny Ampasampito.*

***Naina***

Boriboritany faha-5 (CUA)

## Nanadio tatatra tsentsina teny Soavimasoandro noho ny fitarainan'ny mponina

Nohon'ny fitarainan'ny mponina teny Soavimasoandro dia nidina nisikotra tatatra nanomboka afak'omaly ny ekipan'ny boriboritany fahadimy Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Araka ny hita teny an-toerana dia tsentsin'ny fako ny tatatra ka mivoaka ety ivelany ny rano maloto, vokany : simba koa ireo tatadrano ary mikorontana sy miala ireo pavé, natao aloha ny fanalana fako anaty bizo ary hamboarina ireo tata-drano simba ary hoamboarina ny pavé any mety ho herinandro eo ho eo no hanamboarana azy. Noho izay antony izay, ny CUA dia miala tsiny amin' ny fanelingelenina ho an' ny mpampiasa ny lalana. Entanina koa ny mponina mba tsy hanary fako any anaty tatatra fa manentsina azy ireny.


*Ny fanadiovana tatatra teny Soavimasoandro nataon'ny CUA.*

***Stefa***

Kaominina Ivato

# Nahavita be ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa

Nandritra ny fitantanan'ny Ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa ny kaominina Ivato, distrikan'Ambohidratrimo dia marobe ny zava-bitany manerana ny fokontany mandrafitra ity kaominina ity. Tanjony tamin'ny nandraisany ny fitantanana ny kaominina ny hoe : « Ivato mamiratra » amin'ny lafiny rehetra. Betsaka ny asa vita, fa mbola betsaka koa ny mbola miandry, ka izany no antony nahatonga azy mbola hirotsaka ho fidiana. Tsy nitsahatra ny fanamboarana fotodrafitrasa tena ilain'ny mponina, toy : ny fampidirandrano fisotro madio, fanamboaran-dalana vita « beton » sy ny rarivato, tetezana manerana ny kartie sy ny fokontany rehetra, ny trano sekoly vaovao tao Ilaivola sy Tanambao, fanomezan-danja ny fampianarana sy ny fanabeazana, ny fitandroana ny lafiny fahasalamana, ka nanamboarana ny toeram-pitsaboana raitra CSBII Ambodirano. Teo ny fanatsarana ny fitantanana teo amin'ny ambaratonga rehetra, ny ady amin'ny kolikoly, ady amin'ny tsy fandriampahalemana. Ny tsangambato manamarika ny maha-vavahadin'i Madagasikara, fanatsarana ny tanàna mba hadio sy maha te honina. Ny fandoavana ny fisotroan-drononon'ny zokiolona izay nakaikezina ho eny Ivato. Tsy adino ny fanampiana ireo marefo sy sahirana manerana ny kaominina, ny fanomezan-danja ny fanatanjahantena sy ny tanora. Ankoatra izay misokatra ho an'ny mpivarotra sy ny mpividy ankehitriny ny tsena goavana ao Ivato izay vita tsara tokoa mahazaka mpivarotra an'arivony. Fanamby nataon'ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa ny ahavitàn'io tsena goavana io satria niaina tao anaty tsena feno fotaka ny tao Ivato nandritra ny taona maro.



*Ny ben'ny tanànan'Ivato teo aloha Penjy Randrianarisoa (ankavia).*

**Helisoa**

Raharaham-pirenena

# Tsy andriamanjaka amin'ny mpitondra ny vahoaka

Mbola mitombina amin`izao fitondrana misy ankehitriny izao ve ilay teny hoe " ny vahoaka no andriamanjaka ", sa efa nilaozan`ny toetr`andro izany fomba fiteny izany ho an'ny mpitondra eto amintsika? Raha ny zava-misy mantsy dia atao tsinontsinona ny vahoaka ankehitriny. Tsy misy mihitsy ny fanajana azy ireo amin`izay ataon`ny fanjakana. Tsy ierana ny vahoaka raha misy zavatra tian`ny mpitondra atao fa ny teny midina sy ny amboletra no be dia be. Ny tetikasan`ny filoha dia tsy angatahana ny hevitry ny vahoaka fa tonga dia atao tery vay manta , toy ny mitranga eny Ambohitrimanjaka ankehitriny ny amin`ny tetikasa Tanamasoandro. Mazava anefa fa ny mpitondra ankehitriny dia tsy niara-niaina tamin`ny vahoaka eny am- banivohitra ary toa tena tsy mahalala ny fahorian`izy ireny raha ny zavatra ataony no jerena. Manamboatra lalana ny mpitondra, tena soa ho an` ny vahoaka izany. Saingy mba fantany ve ny fitohanana na embouteillage tsy misy toy izany , hatramin`ny nandalovan`ny Papa, ka mandrak`ankehitriny? Efa ho volana efatra izao no lasa, tsy misy fivoarana fa vao mainka mitombo ny fitohanana. Tsy misy fialan-tsiny fa miasa hono ny fanjakana, ka manao izay tiany hatao. Naharitra ora telo ny fitohanana tamin`ny alatsinainy teo tamin`ny lalana Ivandry Pullman, ka tamin`ny 10 ora antoandro vao niditra tany am-piasana ny ankamaroan`ny mpiasa niainga maraina nihevitra ny hiditra tamin`ny 8 ora. Teny Ampasika tamin`ny talata dia ora telo vao tonga tany Itaosy ny fiara niain-ga teny amin`ny 67 ha . Nikatso tanteraka ny lalana noho ny fanamboarana lalana teo amin`ny tetezana teo Ampasika . Dia miasa hono ny mpanao lalana, ka tsy azo helingelenina. Ary mba fan- tatry ny fanjakana ve ny fatiantoky ny orinasa sy ny firenena amin`ireny fahataran`ny mpiasa miditra any ampiasana ireny, sa ny an`ny fanjakana ihany no fantany ? Mandeha lamasinina maila-pamindra ve ny mpitondra ka tsy mahalala fitohanana ary tsy misy vidiny aminy ireo mpandeha fiara sy zotra fitaterana samihafa ? tany amin`ny taona 1970 dia be ny fanamboaran-dalana fa amin`ny alina no natao izany, mba hisorohana ny fitohanan`ny fiara. Ekena fa mety ho lafo ny sara aloa amin`ny mpanao lalana raha karamaina amin`ny alina izy ireo , nefa raha izay ve no hanafoana ny fitohanana sy hahatonga ny mpiasa ho tonga arapotoana any am-piasana, maninona no tsy ataon`ny mpitondra ankehitriny ? Sa ny mpianatra mpanala bac ihany no azo haverina hanao fanadinana amin`ny labozia amin`ny 8 ora alina, fa ny orinasa karamain`ny fanjakana dia tsy miasa alina? Tsy nandeha tamin`ny tokony ho izy ny fanadinam-panjakana rehetra tamin`ity taona 2019 ity . Ny manamarin-tena sy ny manilika ny tsy fahombiazana amin`ny hafa hatrany no ataon`ny tom- pon`andraiki-panjakana samihafa . Ny hiala tsiny dia nofy !

Nikorontana tanteraka ny bacc 2019 . Vahaolana petatoko no natao dia ny hitsarana sy hamoahana ny vokatra haingana ny 19 oktobra ary ny hanaovana fanadinana famerenana ho an`ny tsy afaka 4 andro aorian`izay dia ny 23 oktobra hatramin`ny sabotsy 26 oktobra . Taiza no mbola nisy fanadinana bacc natao andro sabotsy raha tsy amin`izao ? Ny sekoly tsy miankina samy manao izay saim-pantany ny amin`ny daty fidirana satria tsy misy zava-matotra ny daty omen`ny mpitondra . Raha vao manomboka ny taon-tsekoly dia tokony efa hipetrapetraka ny datim-panadinana amin`ny taona ho avy saingy toa miova lava eny am-pandehanana iza- ny ary tena mbola tsy voapetraka mazava mandrak`izao. Rehefa niala tamin`ny taon-tsekoly naharitra 11 volana tamin`ny taondasa dia hiditra amin`ny taon-tsekoly izay naharitra 8 volana sy tapany indray ny mpianatra Malagasy ankehitriny, satria raha hiditra 28 oktobra ka hifarana tapaky ny jolay dia izay no faharetany . Raha tsy diso lava dia diso faran`izay fohy . Tsy mety tonga saina amin`ny tsy fahombiazany anefa ny mpitondra, sady tsy mahay manaja ny vahoaka ao aminy ka asa izay hiafaran`ny firenena raha izao no hitohy hatrany.

**Ny Valosoa**

Rangahy nalemy dimy taona

# Sady very vola no leo monina ramatoa

« Leo aho » , io no ambetin-teninin'ity ramatoa ity ary miteny irery mihitsy eny an-dàlana. Aleoko milevim-belona hoy izy satria tsy misy mangirana amiko intsony ny fiainana. Sady misotro toaka ihany koa izy amin'izany fa tsy vitan'ny miteny irery fotsiny. Indray andro aza dia nitangoronan'ny olona mihitsy satria toy ireny olona lasa adala ireny. Teo no nahafantarana fa hay marary malemy efa taona maro ity vadiny . Nambaran'io ramatoa io mantsy fa efa maro ireo mpitsabo, dokotera, milaza fa manana « pouvoir » no nandehanany fa tsy nety sitrana mihitsy ny vadiny. Tsy vitan'ny mitotototo fotsiny hoy izy, fa tapitra hatramin'ny fananany mihitsy . Zao ary no ataoko anao hoy ity ray aman-dreny teo an-tanàna taminy. Mandehana ianao miala nenina eny amin'i Jessica mpitsabo 033 87 395 41 eny Mandrosoa Ivato fa hivaha ny olanao satria maro ireo manana olana samihafa toa anao izao fa sitrana rehefa nokarakarain'io ramatoa io. Ny ampitso tokoa dia tonga teny amin'ity mpitsabo ity izy mivady . Vao notororin'ity mpitsabo ity fotsiny anefa dia nilaza ilay rangahy fa nahetsika kely . Miverena afaka telo andro hoy ilay mpitsabo taminy. In-telo niverina teny aminy izy mivady dia nahatsangana ilay rangahy ary naharesaka ihany koa. Teo vao gaga ilay ramatoa, fa hay saika namoy aina fotsiny satria raha tsy nihaino ilay tenin'ity rangahy ity dia sady namoy vady no namoy aina ihany koa. Nijanona tsy nisotro toaka intsony koa ilay ramatoa satria nahazo lesona tsara.

**Namana**

Amboaran'ny filohan'ny Fjkm

# Fanatanjahantena itoriana filazantsara



*Ny sary famantarana ny fiadian'ny amboaran'ny filohan'ny FJKM.*

Taranja efatra no hilalaovana ao anatin'ity hetsika ara-panatanjahantena karakarain'ny AFIFAB FJKM ity dia ny FOOT A 7, BASKET, VOLLEY, ary PETANQUE TRIPLETTE. Isaky ny sabotsy tontolo andro mandritra ny volana novambra manontolo no hanaovana ny lalao any amin'ny Lycée Paul Minault Androhibe, fa hisy ny fanompoam-pivavahana sy fiofanana ary fandraisana ny fandaminana rehetra ny sabotsy maraina 26 oktobra 2019 ao amin'ny FJKM Atsimon'i Mahamasina. Tanjona amin'izao hetsika izao ny fitoriana filazantsara amin'ny alalan'ny fanatanjahantena, ny fampaherezana ny Filohan'ny FJKM amin'ny asa fanompoana telo sosona iandraiketany amin'ity taona ity amin'ny maha Filohan'ny FFKM sy ny FFPM ary ny FJKM azy, fa indrindra koa ho fanohanana ara-bola ny Radio Fahazavana izay radion'ny FJKM. Resy lahatra tanteraka ny FJKM fa endrika iray mahomby azo hitoriana filazantsara ny fanatanjahantena, ka izany no nahatonga ireny hetsika lehibe tao amin'ny kianjaben'i Mahamasina ireny nanomboka tamin'ny taona lasa, ka hatao fanao isan-taona. Tsy vitsy ihany koa ny isam-piangonana no mikarakara lalao ara-panatanjahantena samihafa amin'ny fotoan-dehiben'ny fiangonana. Sambany kosa ny AFIFAB FJKM na Asa Fifandraisana sy Fampahalalam-baovao no hikararakara izany. Efa maro amin'izao fotoana izao ny fiangonana nisoratra anarana aty amin'ny AFIFAB Foibe FJKM Analakely, rihana faha-6, varavarana 603. « Nekeko amin'ny fifaliana ny hisian'izany hetsika Amboaran'ny Filohan'ny FJKM izany », hoy i IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi, Mpitandrina, Filohan'ny FJKM. Manao antso avo koa ny tenany mba ho sehatra vaovao indray hanolokoloana ny fiombonana ao anatin'ny fahasamihafana rehetra izao lalao ara-panatanjahantena izao ary mba hanaporofoana fa rehefa ny kristianana no milalao dia mampiseho lalao ara-pirahalahiana anehoana ny fitiavan'i Kristy ny eny ambony kianja. Mitovy fijery tanteraka ny Filohan'ny FJKM sy ny AFIFAB ny amin'ny hahatomombana tsara ny fikarakarana sy fitantanana ny lalao rehetra, ka teknisiana avy amin'ny federasiona sy ligy voakasiky ny hetsika no miara-miasa akaiky amin'ny AFIFAB, ao anatin'ny komisiona teknika. Ity herinandro hitsahintsika ity no fotoana farany fandraisana ny fiangonana mbola vonona handray anjara, saingy nahemotra amin'ny herinandro manaraka izany ho fitsinjovana ireo sampana maro namonjy zaikabe sy fihaonambe amin'izao herinandro izao.

**Aris**

Cité R +3 Ankatso II

# Mitaky ny fampidinana ny hofan-tranony ny mpianatra

Ny fampidinana ny hofatrano eny amin'ny Cité R+3 Ankatso II ho 25000 ar no takian'ny mpianatra eny antoerana,raha toa ka 50 000 Ar isaky ny olona no saran'izany trano izany. Nilaza Andriamatoa Tsaravonona Christian mpitondran-tenin'ny mpianatra fa tsy zakan'ny mpianatra intsony ny hofan'ny trano Cité R+3, satria zanak'olona sahirana avokoa izy ireo, izay mandranto fianarana eny an-toerana. Nanohy nanazava izy fa tokony hampiharina ny naoty izay efa navoakan'ny tompon'andraikitra eny anivon'ny Oniversite ny 20 Aogositra 2019 lasa teo mikasika ny fampidinana ny hofan-trano Cité R+ 3 eny Ankatso II. Miandry vasoka fotsiny ny mpianatra hatramin'izao hoy AndriamatoaTsaravonona Christian, fa tsy misy fanantanterahana io fanapahan-kevitra ho fampidinana hofan-tranon'ny Cité R+3 io. Nanohy nanazava ity farany fa efa nanatona sy nandefa taratasy any amin'ireo tompon'andraikitra isan'ambaratongany ny mpianatra amin'ny famahana an'ity olan'ny hofan-trano ity kanefa tsy nahitam-bahaolana hatramin'izao. Tsy maintsy hiroso amin'ny fitokonana indray ny mpianatra eny anivon'ny Cité R+3 Ankatso II raha tsy mivaly ny fitakian'izy ireo. Marihina fa tsy misy ifandraisany amin'ny hetsiky ny Seces Antananarivo ity fitokonana izay hataon'ny mpianatra eny Ankatso II ity, hoy ihany ny mpitondra tenin'izy ireo.

**Franck Razakambelo**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**05/10/19 hatramin'ny 12/10/19**

**- ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/ 034 22 222 07/033 85 991 20/032 24 705 51
**- ANALAKELY** (En face Tahala Rarihasina) 020 22 236 81/ 033 90 338 34
**- TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/ 033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
**- MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85
**- MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 964-10-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

PAOSITRA MALAGASY

# Notokanana tetsy Vasakaosy ny biraon'ny Paositra faha 255

Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy omaly tetsy Vasakaosy Boriboritany I, ny biraon' ny Paositra vaovao faha 255 eto Madagasikara. Fitokanana birao izay ao anatin'ny fanamarihana ny andro maneran-tany ho an'ny Paositra, izaytanterahina isaky ny 09 Oktobra. Voasoritra ao anatin'ity fitokanana fotodrafitr'asa ity ihany koa ny fankalazana ny faha 145 taonan'ny fiombonamben' ny Paositra maneran-tany sy ny faha 25 taona niantsoana ny anarana Paositra Malagasy teto Madagasikara. Manantanteraka hetsika fampirantina ny tantaran'ny hajia ny Paositra Malagasy, izay atao etsy amin'ny Zaridaina Antaninarenina nanomboka ny Talata lasa teo ny Paositra Malagasy. Hita ao anatin'ny hetsika fampiarantina ireo vakoka hajian'ny Paositra nivoaka nanomboka ny andron'ny fanjanahantany ka hatramin'izao, izay mivoy ny tantaram-pirenena sy ny tantaran'ny faritra tsirairay . Hita mandritra ny hetsika fankalazana etsy Antaninarenina ihany koa ireo tranoheva mampiseho ny asan'ny sampandraharaha misy ao amin'ny Paositra Malagasy sy ny fivoaran'ny teknolojia, izay nampiasain'ny Paositra hatramin'izay. Misy ihany koa ny hetsika sosialy amin'ny alalan'ny fanomezan-drà, izay ataon'ny mptsidika etsy amin'ny zaridaina Antaninarenina ho famonjena aina ny mpiara-belona .



*Biraon'ny Paositra vao notokanana.*

***Franck Razakambelo***

Tompona orinasa Frantsay amin'ny MEDEF

# Liana amin'ny fiaraha-miasa amin' ny tompona orinasa eto amintsika


Mandalo eto amintsika amin'izao fotoana ny iraka avy amin'ny orinasa frantsay miisa 30, tarihin'ny MEDEF International. Nisy nandritra izany ny fihaonana tamin'ireo mpandraharaha tompona orinasa samy hafa eto amintsika. Fantatra tamin'izany fa liana hampiasa ny volany eto amintsika ireto tompona orinasa Frantsay ireo, sehatra maro no voakasik'izany dia sehatry ny angôvo, ny fizahantany, ny teknôlôjia vaovaon'ny fifandraisana, ny sehatry ny fambolena sy ny maro hafa,... araka ny nambaran'ny Ambasadaoro Frantsay vaovao eto amintsika Christophe Bouchard. Ny MEDEF no fikambanan'ny mpampiasa goavana indrindra ao Fran-tsa , manana mpikambana miisa 173 000, izay misolo tena mpiasa 10 tapitrisa izy. Amin'ny maha mpiara-miombon'antoka ara-tsosialy azy, ny MEDEF no rafitra ifandinihan'ny fanjakana frantsay voalohany indrindra rehefa hamaritra sy hametraka fepetra ara-tsosialy sy toekarena ny fanjakana. Niforona tamin'ny taona 1989 ny MEDEF International , ny anjara asany dia ny hisolo tena ny MEDEF manerantany ara-roa lafy ary hanamafy ny toeran'ny orinasa frantsay eo amin'ny sehatra iraisampirenena, amin'ny alàlan'ny hetsika iombonana, indrindra amin'ireo firenena misondrotra sy an-dalam-pandrosoana toa an'i Madagasikara.

***Aly***


***Fihaonana teo amin'ny iraka avy amin'ny MEDEF sy ireo mpandraharaha tompona orinasa Malagasy, teny amin'ny tranon'ny Masoivoho Frantsay teny Ivandry.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)
**N° 296**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0295)

***Mitsivalana***
- Maloto
- Atolotra
- Na – Re (Miv)
- Do – Trosa
- Anarany
- Alàna
- Fia – Fera (Miv)

***Mitsangana***
- Nanda
- Ataonay
- Lo – Ala
- Olitra
- To – Rana
- Ot(a) Rano (Miv)
- Resy
- Bara – Fo (Miv)

### TENY MIFANARAKA N° 296




**Mitsivalana**

**1.** Amborovy na Ivato **2.** Mahafantatra (Miv) **3.** Fidiovana **4.** Manova (Miv) – Tofoka **5.** Heloka (BL) – Tahafina **6.** Mahantra (BL) – Fikambanana iraisam-pirenena (Miv) **7.** Lapam-panjakana (Miv) – Ao amin'ny Baiboly (Miv) **8.** Nanao fanadinana (Miv) **9.** Vola Malagasy – Naoty – Faran-teny **10.** Fihirâna misy solfa – Asa

**Mitsangana**

**A.** Tezitra – Tsirin-teny Mpanao **B.** Karazan'ovy (Miv) **D.** Faly – Mpanondro **E.** Rafy – Tenona **F.** Namery **G.** Tafika (Miv) **H.** Mampisafidy – Teny fanairana eo am-bavahady **I.** Ao amin'ny Sava (Miv) **J.** Fisotro (BL) – Mariky ny Iharana **K.** Alainao, atsanganao

### Valiny Teny mifanaraka 0295

**Mitsivalana**

1. Tantsaha 2. (H)ariva – As 3. Naravona 4. Nianarana 5. Ando – Te 6. II – As(a) – Aro 7. Fahariana 8. Alakaosy 9. Vady – Kilao 10. Itiavana

**Mitsangana**

A- Tsena – Favy B. Alainy (Miv) D. Nanadihady E. Trano – Tiko (Miv) F. Sira – Aro G. Rova (Miv) – Siaka H. Havan(a) – Viso (Miv) I. Na (Miv) – Alina (Miv) J. Anatra – An(a) K. Osa – (F)eo – Voa


TIAKO I MADAGASIKARA
COMMUNE RURALE AMBOHIMANGAKELY
Mahalala
Mahay
Mahavita
Haja Boum